Ahoana no Hatao Raha Te Hinamana Amin'ny Olona Isan-karazany?

Hanampy anao ity fampiasana ity mba hahita hoe 1) iza avy no tena namanao be, ary 2) ahoana no hatao raha te hinamana amin'ny olon-kafa ianao.

Inona no mahatsara an'izany? Mety tsy hahita namana tsara be hafa ianao, raha olona vitsivitsy ihany no ataonao namana.

1 Soraty eo amin'ilay boribory manga ny anaran'ireo namanao be.

2 Soraty eo amin'ilay boribory volo-ndaoranjy kosa ny anaran'ireo olona tianao ho fantatra tsara kokoa.



"Mety ho olona vitsivitsy ihany no ataonao namana, dia tsy miezaka hinamana amin'ny olon-kafa ianao, ohatra hoe amin'ny olona tsy mitovy taona na tsy mitovy fiaviana aminao. Raha izany no ataonao, dia tsy hahazo namana tsara be hafa ianao, ary mety tsy ho afaka hanatsara ny toetranao mihitsy." —Melinda.

www.jw.org © 2017 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

Iza no tianao ho fantatra tsara kokoa?

Mariho ny toetra telo tianao ho hita amin'ny namana iray, amin'ireo toetra vitsivitsy eo ambany ireo. Soraty eo amin'ny farany ambany izay toetra hafa tianao, nefa tsy voalaza eo.

- Manao ny marina
- Mandray andraikitra
- Marim-potoana
- Mahay mandamin-javatra
- Tsy mora kivy
- Tsy manavakavaka
- Tia manome
- Mazoto miasa
- Mahafehy tena
- .....
- .....

Soraty avy eo ny anaran'ny olona fantatrao hoe manana an'ireo toetra nofidinao ireo. (*Tsy voatery hitovitovy taona aminao izy ireo.*)

.....

.....

.....

.....

.....

www.jw.org © 2017 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

ZAVATRA TSY AMPOIZINA SY VALISOA

Inona ny zavatra mety tsy hampoizinao, rehefa miezaka hahafantatra olon-kafa tianao hatao namana ianao?

.....

.....

.....

Inona kosa ny valisoa mety ho azonao?

.....

.....

.....

INONA NY TOROHEVITRA HOMENAO?

"Matetika dia ireo namako be ihany no iresahako. Raha mba miresaka amin' ny ankizy hafa aza aho indraindray, dia lasa mankeo amin'ireo namako ireo ihany aho amin'ny farany. Hitako hoe misy ankizy hoatran'ahy koa tsy sahy manatona ankizy hafa, satria matahotra izy hoe sao dia tsy ho tian-dry zareo."—Emily.

Inona ny torohevitra homenao an'i Emily, mba hanampiana azy tsy hatahotra hinamana amin'ny olon-kafa?

.....

.....

.....

.....

www.jw.org © 2017 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania